



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-205

**FAMPAHAFANTARANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA
FAHA-004/2022 TAMIN'NY 8 JONA 2022 MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALÀNA
MIFEHY NY TETIBOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA, TAONA 2022**

Fivoriana Faha-16
Natao ny
Talata 21 Jona 2022
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré
- Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

FOTOANA: Talata 21 Jona 2022, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-004/2022 tamin'ny 8 Jona 2022 mikasika ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2022.

Nitohy ny Talata 21 Jona 2022 tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nanambara fa tsy hisy ny fivoriana hatao androany Talata 21 Jona 2022 amin'ny 10 ora, maraina, satria nahatonga taratasy fialan-tsiny amin'ny tsy fahafahany manatrika izao fivoriana izao, Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bolam-panjakana, noho ny adidy hafa indraiketany izay tsy azony ialana.

Taorian'izay, nanambara, Ramatoa Filoha, fa misy sosokevitra atolotra ny Solombavambahoaka mikasika ny asa mbola hotanterahina, kanefa aleo aloha hiroso amin'ny fiantsoana anarana ny mpivory.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra ny tenany hanao ny fanamarinam-pahatogavan'ny Solombavambahoaka.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny fanatanterahana ny fiantsoana anarana nataony, Ramatoa Filoha ary nanamafy ny fisian'ny taratasy fialan-tsiny nalefan-dRamatoa Minisitry amin'ny tsy fahafahany hanao ny fampahafantarana ny Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2022. Nangataka ny hanakisahana izany ny Alarobia 22 Jona 2022 amin'ny 10 ora, maraina, ny tenany raha mety.

Niangavy ny Solombavambahoaka mba hijery ny fandaharam-potoana eny aminy, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nanambara fa anio Talata 21 Jona 2022, lasa tsy misy asa hatao, ka ny Asam-baomiera tokony hatao amin'ny Zoma 24 Jona 2022, maraina, maninona raha atao androany. Fanampin'izay mbola hisy fivoriambe koa amin'io Zoma 24 Jona 2022 io. Ireo asam-baomiera ireo no eritreretina hatao androny tola'andro amin'ny 2 ora, ka ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2002 "autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du projet de préparation, aux Pandémies et Présentation de services de Santé de Base, conclu le 18 Avril 2022 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)" dia ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola; ny

Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Fahasalam-bahoaka no hanao ny asam-baomiera momba azy.

Ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2022 "autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du projet d'aménagement du fly-over Anosizato croisement RN1 et RN58A, conclu le 19 mai 2022 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique et Afrique (BADEA)" kosa ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola; ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Asa Vaventy ary ny Vaomieran'ny Fanajariana no handinika azy.

Aorian'ireo asam-baomiera ireo, miditra avy hatrany amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna voalaza teo isika.

Ny fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-004/2022 tamin'ny 8 Jona 2022 mikasika ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiampanitsiana, taona 2022, kosa hatao rahampitso amin'ny 10 ora, maraina, araka ny voalaza teo aloha ary aorian'izay, mandeha ny asam-baomiera voakasik'io volavolan-dalàna io ary efa mahalala ny fisian'izany koa ny solotenan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanambolam-panjakana.

Izay no sosokevitra aroso, hoy Ramatoa Filoha, ka handraisana fanapahan-kevitra, kanefa raha misy fanontaniana, manangan-tànana dia omena fitenenana izay manana izany.

Tsy nisy nanan-kambara ny Solombavambahoaka, ka nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny fiovan'ny fandaharam-potoana ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fiovan'ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana androany Talata 21 Jona 2022, amin'ny 2 ora, tolak'andro, araka ny voalaza etsy ambony Ramatoa Filoha sy ny hanovana ny «Présentation générale du projet de loi n°004/2022 du 08 juin 2022 relatif au projet de loi de finances rectificative 2022, par Madame la Ministre de l'Economie et de Finances», rahampitso Alarobia 22 Jona 2022 amin'ny 10 ora, maraina.

Niato tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona